# SAMPANA SEKOLY ALAHADY

**KILASY :** Faha Efatra
Lesona : ***« Fanoharana ny amin'ny fiavian'ny Tompo » Matio 25***

***SEHO VOALOHANY***

Misy fanoharana telo nolazain'i Jesoa Kristy eto amin'ity bokin'ny Matio toko faha 25 ity ka ny fanoharana voalohany amin'izany dia hitantsika eo amin' ny andininy 1-13

**1. Fanoharana ny amin'ny virijiny folo**

Lanonambe ny fampiakaram-bady teo amin'ny Jiosy, ary hanasana ireo havana aman-tsakaiza. Lanonana tsy atao amin'ny atoandro anefa fa amin'ny alina. Noho izany dia tsy maintsy mila jiro no fanala ny olona hanatrika ny fanasana. Araka ny fanoharana izay ataon'i Jesoa eto dia nisy tovovavy virijiny folo nanatrika ny fanasana fampakaram-bady. Ny **DIMY** hoy Jesoa dia **HENDRY** fa ny **DIMY** kosa **ADALA.**

Naharitra ela ny mpampakatra ka samy sondriantory ny rehetra

Nony mamatonalina anefa dia nisy feo niantso tampoka ***« Indry ny mpampiakatra, mivoaha mba hitsena azy*** », dia nitsangana ireo virijiny.

Ny an'ireo **HENDRY** ankoatran'ny fanala izay teny an-tanany dia nanana solika fitaiza izy.

Ny virijiny **ADALA** kosa tsy nitondra afa-tsy izay tao anatin'ny fanalany ihany.

Very hevitra ireo dimy **ADALA** fa lany ny solika tao amin'ny fanalany ka hoy izy ireo « ***mba omeo amin'ny solikareo izahay fa lany ny anay*** ».

Dia namaly ny **DIMY HENDRY** hoe: ***« tsy ampy hozaraina aminareo ny solikay fa mandehana mividy »***

Rehefa lasa nividy anefa ireo dimy **ADALA** dia tonga ny mpampiakatra ka ireo izay efa niomana niara-niditra taminy tao amin'ilay fanasana.

Rehefa tafaverina kosa ireo virijiny izay nolazaina fa **ADALA** dia efa nihidy ny varavarana.

Na dia niezaka nandondona aza anefa ireo 5 adala dia tsy nivoha ho azy ireo intsony ny varavarana fa hoy ny tao an-trano hoe: « ***tsy fantatro ianareo*** »

Araka io tantara io rankizy dia mila miambina manadrakariva isika , araka ny hitantsika ao amin'ny bokin'ny Salamo 119/105 Rankizy a! Dia hoe ***« Fanilon'ny tongotro sy fanazavana ny lalako ny teninao*** ».

Mila manana izany tenin'Andriamanitra izany isika ho raketintsika ao am-po fa io tenin'Andriamanitra io no fanilon'ny tongontsika sy jiro manazava ny fianantsika.

Koa raketo ao am-po isan'andro ny tenin'Andriamanitra mba hahatongantsika tsy ho lany, ka rehefa tonga i **JESOA** dia hiara-miditra aminy isika.

Mivavaha mandrakariva ihany koa fa izany no hifandraisan-tsika mandrakariva amin'Andriamanitra

Ka tsy ho lany ny solika fitaizantsika.

Izay aloha ny androany fa hojeren-tsika amin'ny manaraka indray ny fanoharana faharoa

**TSIANJERY : 1 KORITIANA 6/9b : «Moa tsy fantatareo fa ny olona tsy marina tsy mba handova ny fanjakan'Andriamanitra. Aza mety ho fitahina ianareo »**

Ny Mpampianatra RANAIVOARISOLONJATOVO Zoée

# SAMPANA SEKOLY ALAHADY

**KILASY :** Faha Efatra
**Lesona** : ***« Fanoharana ny amin'ny fiavian'ny Tompo » Matio 25***

***SEHO FAHAROA***

Misy fanoharana telo nolazain'i Jesoa Kristy eto amin'ity bokin'ny Matio toko faha 25 ity ka ny fanoharana faharoa amin'izany dia hitantsika eo amin' ny andininy 14 - 30

2. **Fanoharana ny amin'ny talenta (and 14-30)**

Hitantsika tamin'ilay fanoharana 1 fa i Jesoa izay mipetraka any an-danitra dia mbola ho avy indray, naseho tamin'io fanoharana 1 io fa i Jesoa no ilay mpampakatra. Ny toetran-tsika kosa no naseho amin'ny virijiny folo ireto. Takina ny hanaovantsika toetra tahaka ireo virijiny 5 **HENDRY** :

- mba hirehitra hatrany ny jirontsika,
- mba hiaina mandrakariva amin'ny tenin'Andriamanitra isika,
- mba hanana fianam-bavaka isika ka tsy hanao kitoatoa amin'ny fiandrasana ny fiverenan'ny Jesoa Kristy

Ny fanoharana faharoa indray dia izay hitantsika eo amin'ny andininy 14-30, tantaran'ilay lehilahy izay handeha any an-tany lavitra ka nizara ny talenta tamin'ireo mpanompony. Izany hoe i **JESOA KRISTY** no Tompo izay mizara ny talenta amin'ireo mpanompony.

Isika kosa no toy ireo mpanompo izay nomena izany talenta izany mba hampitomboina sy entina miasa. Takina ny hanaovantsika toetra tia miasa sy vonona mandrakariva mba hidirantsika ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra dia ilay toerana anomanan'ny Tompo ny fifaliana lehibe ho an'ireo izay mendrika izany.

Ny zava-dehibe tiana hianan-tsika eo ampiandrasana ny Tompo dia ny miambina ka tsy matoritory eo ampiadrasana ny fiavian'ny Tompo. Tsy ho variana hihevitra fa mbola ho ela ny Tompo fa hiasa sy hanompo an'Andriamanitra eo ampiadrasana azy

Tokony ho vonona ny hanompo izay ho fitsarana ataony koa isika. Satria hanavaka izay mpakato sy mampihatra ny sitrapon'Andriamanitra sy amin'ireo izay mpihaino fotsiny izy.

Ilay lehilahy nandeha lavitra indray eto rankizy no oharina amin'i Jesoa, ary isika no ilay mpanompo nomena ny talenta. Ao ireo izay nomena ny talenta 5 ka nampiasa izany dia nahazo tombony talenta 5 hafa koa. Ao ireo nahazo talenta roa dia niezaka nampiasa izany dia nahazo tombony roa hafa. Fa ilay nomena ny talenta 1 kosa tezitra ary mihevitra fa mila voatsiary ny tompony dia nandevina izany talenta izany izy

Nomena antsika ny talenta sy ny fahaizana maro samy hafa. Tsy mitovy ny talenta nomena ny olona tsirairay, tsy misy olona afaka hilaza fa tsy manana talenta ; ka aza mandevin-talenta.

Tsy maintsy mbola hiverina ny Tompo, ary hitsena azy izaho sy ianao rankizy. Ampiasao amin'izay tokony hampiasana azy ny talenta sy fanomezam-pahasoavana izay nomen'ny Tompo anao.

Izay ny fanoharana faharoa izay nataon'i Jesoa Kristy ary amin'ny manaraka indray isika mijery ny fanoharana faha 3 ato amin'ity Bokin'ny Matio 25 ity ihany.

**TSIANJERY** 1 KORITIANA 6/9b **« Moa tsy fantatrareo fa ny olona tsy marina tsy mba handova ny fanjakan'Andriamanitra. Aza mety fitahina ianareo »**

Ny Mpampianatra RANAIVOARISOLONJATOVO Zoée

# SAMPANA SEKOLY ALAHADY

**KILASY :** Faha Efatra
Lesona : ***« Fanoharana ny amin'ny fiavian'ny Tompo » Matio 25***

***SEHO FAHATELO***

Ao anatin'io lohateny lehibe io, misy fanoharana 3 nataon'i Jesoa Fanoharana voalohany izay efa nianarantsika :

1. Fanoharana ny amin'ny virijiny folo
2. Fanoharana ny amin'ny talenta
3. **Fanoharana ny amin'ny ondry sy osy :** Hita ao amin'ny Matio 25: 31-46

Efa nianarantsika fa tsy fantatra ny fotoana hahatongavan'i Jesoa na ho ela na haingana, fa amin'izany fihaviany izany kosa arahin'anjely rehetra izy. Mipetraka eo amin'ny seza fiandrianany Izy.

Havahana tahaka ny mpiandry ondry, manavaka ny mpiandry ondry sy osy Izy. Hametraka ny ondry eo ankavanany Izy ary hametraka ny osy eo ankaviany Izy.

Iza ireo ondry napetran'i Jesoa eo amin'ny ankavanany?

Ireo manaraka ny sitrapon'i Jesoa ka hanaraka ny didim-pitiavany = mamonjy ireo mila vonjy: mamangy ny marary, ny ao antranomaizina, manome sakafo ho an'ny tsy manana, mampahery ny azom-pahoriana, mampiatrano vahiny sy ny hafa koa.

Fa raha manao ireo didim-pitiavany isika tahaka ny nanao ireo tamin'i Jesoa.

Iza kosa ireo osy napetrak'i Jesoa teo ankaviany?

Ireo tsy nanaraka ny sitrapon'i Jesoa, ireo tsy nampiatra ny didim-pitiavany na fantany azy ireo, tsy namonjy ireo mila vonjy.

**FEHINY** :

Koa mandrampahatonga an'i Jesoa, andeha hanaraka ny sitrapony isika; hampiatra ny didim-pitiavany ka mamonjy ireo mila vonjy. Ataon'i Jesoa eo amin'ny ankavanany; ampidiriny ao amin'ilay toerana tsara nomaniny. Isika rehetra samy te hiditra ao amin'ilay toerana tsara nomanin'i Jesoa e!

Io toerana tsara io no antsoina hoe fanjakan'Andriamanitra.

Koa mandrampihavin'i Jesoa izay hitondra antsika ao andeha hofehezantsika ireo fanoharana 3 nataon'i Jesoa ireo, andeha isika hiaina amin'ny tenin'Andriamanitra sy ho tia vavaka, hiasa sy hanompo an'Andriamanitra amin'ny talenta izay nomeny antsika, hanaraka ny sitrapon'Andriamanitra ka hampiatra ireo didim-pitiavany amin'ireo mila vonjy

**TSIANJERY**: **1 KORITIANA 6/9b *« Moa fantatrareo fa ny olona tsy marina tsy mba handova ny fanjakan'Andriamanitra. Aza mety ho fitahina ianareo »***

Ny Mpampianatra Lova ANDRIAMAHATANARIVO